# *Korintiana, Bokin'Ny Fanitsiana*

Manao ahoana, ry sakaiza! Niteny tamin-dRahalahy Neville aho, fa farim-peo kely fotsiny aho izao maraina izao, ary io fifohazana ho avy io. Tsy hiezaka hitory teny aminareo aho izao maraina izao, satria farim-peo loatra aho. Fa vondrona kelintsika fotsiny no eto, mety hanana lesona sekoly Alahady kely iray aho, avy eo dia hamela azy hitory teny vetivety fotsiny. Noho izany isika dia . . . Hanana lesona kely iray avy ao amin'ny Baiboly fotsiny aho eto, ny amin'ny zavatra iray izay azontsika resahana angamba mandritry ny dimy ambin'ny folo, roapolo minitra. Ary angamba hanome antsika zavatra iray avy amin'izany ny Tompo. Ankehitriny, tena tsara tamintsika tokoa Izy, tena tsara tokoa.

2 Ary, noho izany, reraka izahay. Natory tara kely aho omaly hariva. Izaho dia . . . taorian'ny izaho . . . Betsaka ireo antso tonga hatramin'ny nahatongavako. Ary—ary sendra nahamarika aho, ary nanana vakana fitaratra eran'ny tànana ny zanakolahy kely, nitsako azy ireo fotsiny sy nihinana azy ireo, ireo fitaratra, ary—ary nitelina azy ireo, fitaratra ilay izy. Ary noho izany dia nentinay izy ary nosasanay ny vava keliny. Avy eo dia nifoha niaraka taminy izahay, ampahany goavana indrindra an'ny alina, noho izany dia somary reraka aho izao maraina izao.

3 Ary izaho dia, tamin'ny roa ambin'ny folo ora avy hatrany mihitsy, tsy maintsy hiainga ho any Kentucky, ary handeha any Kentucky ho any amin'ny fifamotoana iray any. Ary, noho izany, amin'ity herinandro ho avy ity no tonga ny fivorianay.

4 Ary ankehitriny dia tiako ny hanandrana, hariva vitsy fotsiny hiresahana, raha vitako. Ny . . . Tsy voan'ny sery aho. Nitory teny betsaka fotsiny aho hany ka lasa ny feoko. Hitanareo, efa-bolana izao, nisesy, hitanareo. Ary noho izany, aorian'izany, avy eo dia handeha any Canada aho, ary avy eo dia miverina any amin'ireo fivoriantsika mahazatra sy any ampitan-dranomasina.

5 Ankehitriny, raha mbola nipetraka teo aho, niresaka tamin'i Leo sy Gene, fotoana vitsy lasa fotsiny izay, dia nieritreritra Soratra iray aho eto izay mety hampiasaintsika izao maraina izao. Raha ny . . . Ankehitriny, voalohany, nipetraka teo iray minitra fotsiny aho, tena reraka aho, avy eo dia nieritreritra aho hoe, "Toa tsy tsara izany, izaho mipetraka eny aoriana ao amin'ilay efitra ao, ary ny fiangonana eto. Nahoana, mety tsy handeha eo ny Tompo. Te-ho tonga eto amin'izay nisy Azy aho."

6 Noho izany, mino aho fa mahita ny iray amin'ireo antony izay nitondra ahy teto izao maraina izao, eto Rahalahy Littlefield. Eny. Te-hahita ahy vetivety fotsiny izy taorian'ny fivoriana. Ary Rahalahy Littlefield dia avy any Tennessee, izay nanananay an'ilay fivoriana goavana—goavana tany, vao haingana mihitsy tao amin'ny kianjan'ny sekoly ambony iray. Tsy afaka miantso ny anaran'ilay tanàna fotsiny aho. Aiza, ianao, Rahalahy Littlefield? [Hoy Rahalahy Littlefield hoe, "Cleveland."—Mpand.] Cleveland. ["Tennessee."] Cleveland, Tennessee.

7 Ary noho izany dia nanana fotoana iray nahafinaritra izahay tany. Ary izy dia ao . . . nandalo, mba hanao "manakory" tamiko, ary noho izany dia niteny taminy aho mba ho tonga izao maraina izao. Nandeha tany ho any izahay aninkeo maraina, tany ankafa, ary avy eo, ireo sakaiza sasany izay tiako ho tsidihina, tsy hitory teny, mba hitsidika fotsiny, satria nampanantena azy ireo aho. Ary avy eo dia teto Rahalahy Littlefield, sy Dokotera Beeland ary izy ireo. Ary noho izany dia te-handalo fotsiny aho ka hahita azy ireo izao maraina izao, ny antony nahatongavako.

8 Noho izany, ankehitriny, ao amin'ny Bokin'ny Korintiana, eo amin'ny toko faha-10 fotsiny, ary ny andininy efatra na dimy voalohany. Ndao isika hisaintsaina an'izany mandritry ny fotoana fohy, mba ahafahan'ny rahalahintsika hanana fotoana hitoriana teny.

Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika, aloha, ao amin'Ny Fanatrehany fotsiny.

9 Ray any An-danitra finaritra, amin'ny fo mankasitraka tokoa no iondrehanay am-panetre-tena eo Anatrehanao amin'ity andro ity, mba hisaotra Anao ny amin'ireo zavatra tsara an'ny fiainana. Ary mahafantatra fa ny fiainana izy tenany dia tolona anankiray lehibe fotsiny, raha tsy manana an'izany amin'ny fomba *anankiray* izahay, dia manana amin'ny iray *hafa*. Fa amin'ny andro be voninahitra iray dia hifarana ilay ady, ka hahita an'i Jesosy Izay nandrasanay ho hita izahay hatramin'ny nitiavanay Azy, ka lasa mahafantatra Azy, ary havana iray ho Azy. Ary tena faly izahay ny mahafantatra fa indray andro any dia hahita Azy izahay.

10 Ankehitriny, androany, raha misintona eo ambanin'ilay hazo ôka tranainy izahay, mba ilazana azy, ho an'ny fampiononana, tahaka an'i Abrahama nipetraka teo, niandry, ary Andriamanitra sy Anjely roa no tonga ka niresaka taminy, ary miandry Anao hanatona anay fotsiny izahay izao maraina izao, ka hiresaka amin'ny fonay, amin'ny alàlan'Ny Teninao, Tompo, raha miombona manodidina an'Izany izahay.

11 Tahio ny pasitera malalanay, indrindra, Tompo. Mivavaka izahay mba Hanomezanao azy tanjaka sy faherezana. Mivavaka izahay mba Hitahianao an'ilay fiangonana kely, sy ireo diakona

ary ny rehetra izay voakasika eto, Tompo, ary izay rehetra tonga eto; tsy eto ihany, fa ireo toerana hafa, Ny Fiangonanao, maneran-tany.

12 Tahio ireo rahalahinay mitsidika izay miaraka aminay izao maraina izao ao amin'ny fotoana. Mivavaka izahay mba Hombanao azy ireo sy hanohananao azy ireo. Mamelà anay ny amin'ny fahotanay, ary miresaha aminay amin'ny alàlan'Ny Teninao. Mangataka amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

13 Raha tsy diso aho dia mipetraka eto Rahalahy Coats izao maraina izao. Izy dia . . . tany mba hivavaka ho azy, indray hariva, tao amin'ny Veterans Hospital; homamiadana. Ary faly izahay mahita anao ato, izao maraina izao, Rahalahy sy Ranabavy Coats.

14 Ankehitriny, ao amin'ny Bokin'ny Korintiana, ny—ny toko faha-10, ity Bokin'ny Korintiana ity dia bokin'ny fanitsiana. Tokony haka ny Bokin'ny Korintiana isika. Izany no fiangonana tokana ao amin'ny Testamenta Vaovao rehetra, izay, toy ny hoe, nananan'ireo mpitarika olana tahaka an'izany. Fa, tao anatin'ny olana foana ireo Korintiana. Paoly, rehefa tonga teo anivon'izy ireo izy, ny anankiray nanana fiteny tsy fantatra, ary ny anankiray nanana salamo, ary ny anankiray nanana fihetseham-po sy fahatsapana. Ary nanana olana foana izy tamin'ireto Korintiana ireto, nihazona azy ireo hahitsy.

15 Raha mahamarika isika, dia tsy afaka nampianatra an'ireo Korintiana an'ireo zavatra lalina izy. Izy ireo fotsiny dia—dia—dia fanaon-jazakely iray. Izy ireo—izy ireo . . . Tsy afaka nandeha tany amin'izy ireo tao amin'ireo hafatra lehibe, lalina, izay nataony tamin'ireo Efesiana sy nataony tamin'ireo Romana izy, ka nampianatra azy ireo an'ireo zavatra lalina, satria tsy afaka nandray an'izany izy ireo. Izy ireo—niankina be loatra teo amin'ireo fahatsapana kely sy ireo zavatra kely tahaka an'izany izy ireo. Izao fotsiny, "Eny, deraina ny Tompo, azoko ilay izy! Izaho—izaho dia nahazo fa—fanambarana iray tonga tamiko. Nanana salamo iray aho. Manana faminaniana iray aho."

16 Dia hoy i Paoly hoe, "Tsy hahomby ireo zavatra rehetra ireo." Hitanareo? Ny tsirairay avy amin'izy ireo, tsy azo itokiana be loatra fotsiny izy ireo. Ary noho izany, fa, ny ezahany entina ho an'ny fiangonana, dia io vatofantsika io, izay isika—izay ananantsika vatofantsika iray ao amin'i Kristy, izay tsy itokiantsika eo amin'ireo fahatsapana. Tsy mitoky eo amin'ireo fanambarana isika. Tsy matoky an'ireo zavatra ireo isika. Izao fotsiny, matoky an'i Kristy isika. Amin'ny finoana no ahatongavantsika eo. Izao fotsiny . . .

17 Mahamarika isika fa i Paoly dia afaka nampianatra an'ireo Efesiana tany, ahoana fa talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa voafidy mialoha ho amin'ny fananganana an'ireo zanak'Andriamanitra izy ireo. Ankehitriny, izy . . .

Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ireo Korintiana. Izy ireo fotsiny. . . tsy maintsy nanana fihetseham-po kely izy ireo, na zavatra iray, fahatsapana kely, ny anankiray *ity*, *itsy*, ary ny *hafa*. Ary niankina tamin'izany izy ireo. Tsy afaka nampianatra azy ireo an'ireo zavatra lalina izy.

18 Noho izany, heveriko fa lehibe rehefa manana olona izay azonareo ampianarina zavatra lalina ianareo, ka afaka mampiditra an'ireo fahamarinana lehibe ny Fanahy Masina, ary mampifikitra an'izany ao amin'ny—ny fon'ny olona, mba ahafantaran'izy ireo hoe aiza izy ireo no mitsangana, fahatsapana na tsy misy fahatsapana, faminaniana na tsy misy faminaniana, ary na mety ho inona ilay izy, na inona na inona. Raha ireo. . . isika tsy. . . Tsarovy ankehitriny, isika tsy. . . Tsy miezaka milaza aho hoe Andriamanitra dia tsy mifanaraka amin'ny alàlan'ny faminaniana sy ireo zavatra tahaka an'izany, fa tsy miankina amin'izany isika. Manana fihazonana lalina kokoa noho izany isika, hitanareo. Satria, hoy izy hoe, "Na aiza na aiza misy faminaniana, dia ho levona izany. Eo amin'izay misy fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra izany. Ary eo amin'izay misy. . . "

19 Ary ireo fahatsapana rehetra izay nananan'ireo Korintiana ireo, tsy nisy anankiray tamin'izy ireo no porofo fa voavonjy izy ireo. Tsy nisy anankiray tamin'izy ireo no porofo iray fa voavonjy izy ireo. Tsy. . . Raha afaka mihiakiaka ianareo, raha afaka maminany ianareo, raha afaka manasitrana ny marary ianareo, raha afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, raha afaka mandika ny fiteny tsy fantatra ianareo, raha nanana fahendrena, ary nanana fahalalana, tsy misy amin'ireo no midika fa voavonjy ianareo; tsy misy iray amin'izy ireo. Afaka manana ny tsirairay avy amin'izy ireo ianareo, Paoly no nilaza, ao amin'ny Korintiana Voalohany 13, ary ho very. "Tsinontsinona aho," hitanareo.

20 Fa, rehefa manana fitiavana ianareo, vatofantsika iray! Aninkeo maraina, nandritry ny teo amin'ny adiny iray talohan'ny nifohazan'ny vadiko, dia nifoha aho. Ary nanambara tamiko ny Tompo, zavatra lehibe iray mikasika ny hoe ahoana no amatoran'Andriamanitra Ny Fiangonany miaraka, amin'ny alàlan'ireo tadim-pitiavana, sy hoe tsy maintsy ho toy ny ahoana izany. Tsy misy fomba hafa iray hany hahavoavonjy olona iray raha tsy ateraka indray. Raha sitrak'Andriamanitra, dia tiako ny hitory eo amin'izany amin'ity herinandro ho avy ity. Ary vao lasa zava-misy ao am-poko izany. Angamba hanome ahy Hafatra iray eo amin'izany ny Tompo.

21 Ankehitriny, ity Hafatra ity izao maraina izao, raha tonga tao am-poko izany tao, dia Hafatra iray, fampitandremana iray. Ary nieritreritra aho, angamba, raha hanome an'ity fampitandremana ity ho an'ny olona isika, tahaka ny nampitandreman'i Paoly an'ireto Korintiana ireto. Raha

afaka hanome an'ity fampitandremana ity ho an'ny olona isika, mahafantatra fa manatrika fifohazana iray isika ankehitriny, ary fotoana iray handinihana, izay tsy maintsy handinihana antsika. Ankehitriny, hoy i Paoly hoe:

> *Ary koa, ry rahalahy, tsy tiako* ianareo *ho tsy hahalala, fa ny razantsika rehetra dia teo ambanin'ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina;*
>
> *Ary dia. . .natao batisa tamin'i Mosesy tao amin'ny rahona sy tao amin'ny ranomasina;*

22 Ankehitriny, manome azy ireo fahazoana iray izy hoe rehefa namoaka ny Isiraely avy tany an-efitra Andriamanitra, nankao an-efitra mba hanompo Azy, sy hitondra azy ireo hankany amin'ilay tany nampanantenaina, izy ireo. . . Manome ohatra iray izy eo, hoe, rehefa entina ao amin'ireo zavatra materialy rehetra isika, ireo—ireo fombam-pivavahana rehetra, sy ireo lamina, dia nitovy izy ireo. Ary hitantsika, manohy lavidavitra kely ao amin'ny lesontsika, fa maro tamin'izy ireo no naringana. Satria, afaka nanao an'ireo fombam-pivavahana rehetra izy ireo, sy ireo lamina rehetra, ary ny zavatra rehetra izay notakian'Andriamanitra, nefa mbola tsy nahitsy tamin'Andriamanitra foana ny fon'izy ireo.

23 Ankehitriny, afaka manao zavatra maro isika. Afaka mandray ny fandraisana isika. Afaka atao batisa isika. Afaka isika—afaka tonga any am-piangonana isika, manana ny anarantsika eo amin'ny boky, na manaja sy manaja fotsiny arak'izay vitantsika, nefa mbola very foana. Fampitandremana matotra iray izany. Isika dia afaka fotsiny ho. . . mifaly fotsiny rehefa nilatsaka ny Fanahy, ary tao amin'ny fivoriana iray izay nitoriana ny Teny, ka hifaly amin'ny Teny fotsiny ny fanahintsika, nefa mbola very foana.

24 "Ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina." Ilay ranonorana iray ihany izay manao an'ilay vary hitombo, no manao an'ilay ahi-dratsy hitombo. Izany no natioran'ilay vokatra, hitanareo. Ny natioran'izany no miteny an'izay maha-izy antsika. Noho izany, ny natiora izay ao anatintsika, no miteny an'izay maha-izy antsika. Hitanareo? Tsy. . .

25 Mety ho tena mpivavaka isika hany ka tsy hanetsika ny tànantsika isika ny Alahady, mba hanao zavatra iray. Mety tsy hanao zaitra iray akory aza isika eo amin'ny akanjontsika ny Alahady. Mety tsy mahatsapa ho nohamarinina akory aza isika ny hividy sakafo amin'ny Alahady. Ary mety ho tena mpivavaka sy tena tia fivavahana isika! Fa, kanefa, raha tsy nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ara-bakiteny indray isika, dia foana ny ivavahantsika.

26 Noho izany, ankehitriny, tena henjana izany. Ary tiantsika ny hahita an'izany marina tokoa ka hahafantatra

ny Fahamarinana. Satria, tsarovy, tsy hanana anjara faharoa amin'izany isika. Ity indray mandeha ity fotsiny izany, noho izany dia tsaratsara kokoa aminareo ny tena hahazo antoka.

Ankehitriny, mariho, "Tsy tiako tsy hahalala ianareo, rahalahy."

27 Ankehitriny, ireto Korintiana ireto, inona no nolazaiko tamin'ny voalohany? Nanorina ny fanantenany Mandrakizay teo amin'ny fahatsapana iray izy ireo. Nilaza i Paoly, izao fotsiny... Eo, hoy izy, "Rehefa tonga eo anivonareo aho, ny anankiray manana an'*ity,* ary ny anankiray manana *an'itsy*. Ary ny anankiray—ny anankiray..." Nilaza, ankehitriny, ny rehetra... Mety tsara izany. Tsy manana na inona na inona manohitra an'izany isika. Fa, mbola, tsy izany no resahantsika. Hitanareo? Tsy izany ilay izy.

28 Tsaroako rehefa niova fo voalohany aho. Ary nanomboka nahita ny asan'ny Fanahy aho, ary ahoana fa ny sasany dia afaka maka tahaka fotsiny an'ilay tena Fanahy Masina, tena izy, ary amin'ny fomba iray izay naha-izy azy, nahoana, tsy azo natao mihitsy ny niteny hoe iza no marina sy diso, saiky.

29 Ary nahita lehilahy iray izay fantatro aho, ary izaho, ary tamin'ny alàlan'ny fahaiza-mamantatra iray, dia fantatro fa niaina niaraka tamin'ny vadin'ny lehilahy hafa iray io lehilahy io. Ary indro izy nitsangana teo niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nandika, sy ny zavatra rehetra, ary nanome hafatra. Ary izany... Ary nentiko teo amin'ny toerana iray ilay lehilahy hafa teo amin'izay nahafahako niresaka taminy nandritry ny fotoana fohy, ary, tena Kristiana iray tena izy.

30 Dia nieritreritra aho hoe, "Ahoana no ahafahan'io Fanahy io, ilay Fanahy iray ihany, izay izaho..." Tamin'izany no nahitako voalohany ny pentekosta. Ary tany Mishawaka izany, Indiana. Ary teneniko aminareo, izany tokoa... Nihevitra aho, nandritr'ireo ora vitsy voalohany naha-tany ahy, hoe teo anivon'ireo Anjely aho. Ary ny ora vitsy manaraka, dia nihevitra aho fa teo anivon'ireo demony aho, rehefa hitako izany. Nahita an'ireto lehilahy roa ireto, ny anankiray nanome hafatra iray, ny anankiray nandika.

31 Tsy mbola nandre fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy aho, sy ireo zavatra tahaka an'izany, tany aloha. Nandinika an'ireo fanahy ireo aho, ahoana no nihetsehan'izy ireo. Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray! Nahoana, nanomboka ilay Arivo taona lehibe." Ary avy eo rehefa nanana anjara iray aho, tany ivelany, mba hiresaka amin'ny iray amin'izy ireo sy afaka hiteny hoe avy tamin'ny inona no nanaovana azy, dia nisy anankiray ratsy arak'izay naha-izy azy.

32 Ary—ary tamin'io hariva io dia nandinika azy ireo indray aho, dia nieritreritra aho hoe, "Oh, ento miala eto aho. Tsy mety azoko hoe ahoana ity." Ary hitako fa tao anatin'ny Baiboly ireo

zavatra ireo. Saingy indro nisy anankiray nanao an'izany, izay tsy nanana ny Fanahin'Andriamanitra; ary ilay anankiray hafa nanao an'izany, ary tena nanana ny Fanahin'Andriamanitra izy. Noho izany dia nifanjevo tanteraka aho. Ary navelako nandeha fotsiny ilay zavatra manontolo.

33 Ary taona maro taty aoriana, rehefa tapitra ilay tondra-drano, dia nandeha aho, nandeha teny amin'ny làlana nankany Green's Mill, Atoa. Isler, ilay senateram-panjakana, dia tonga eto am-piangonana, nihaona tamiko teny an-dàlana izy, ary napetrany nanodidina ahy ny sandriny, hoy izy hoe, "Billy, midika inona aminao Kristy ankehitriny?" Lasa ny raiko. Lasa ny rahalahiko. Ary lasa ny vadiko. Lasa ny zazakeliko. Ary izaho . . .

Hoy izy, "Midika inona Izy?"

34 Hoy aho hoe, "Atoa. Isler, midika mihoatra lavitra noho ny aina Izy amiko." Hoy aho hoe, "Nisy zavatra nitranga tato anatiko. Taona vitsy lasa izay, dia tonga tao am-poko Kristy. Ary izaho—izaho . . . Lasa mihoatra noho ny tenako fotsiny izany. Zavatra iray izay nitranga fotsiny izany. Tsy hoe satria mpivavaka aho. Tsy izany ilay izy. Izany dia zavatra iray fotsiny izay nataon'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahasoavana, ho ahy." Dia hoy aho hoe, "Na dia hamono ahy aza Izy, dia hatoky Azy aho na izany aza. Ary raha tany amin'ny helo aho, ka nisy an'izany karazana fitiavana izany, tao amin'ny helo, dia mbola ho tia Azy foana aho." Izay ihany. Izany dia zavatra iray *ato*. Marina Izy. Mendrika ny sazy rehetra izay hany nananako aho. Manao an'ilay zavatra iray ihany ianareo. Fa raha io vatofantsika io, io Zavatra io, io vatofantsiky ny fitiavan'Andriamanitra io, izay mamikitra ao anatin'ny fon'olombelona, dia lasa faharoa ireo zavatra hafa.

35 Nipetraka teo ambonin'ny vatan-kazo iray aho tany, nivavaka mikasika zavatra hafa. Dia nisokatra ny Baiboliko, ary namaky aho tao . . . tao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ny toko faha-6. Ary namaky aho teo, hoe ahoana fa, "Tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ka natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina, raha mihemotra izy ireo, ny hanavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana. Fa ny ranonorana dia milatsaka amin'ny tany matetika, mba hanondraka azy, mba hikarakara azy, ho an'izay nanomanana azy. Fa izay akaikin'ny fandàvana, ireo tsilo sy songosongo, izay akaikin'ny fandàvana, dia ho hodorana."

36 Ary nanohy niresaka tamiko mikasika an'izany ny Fanahy Masina. "Inona izany?" Novakiako indray izany. Ary avy eo dia tonga ny fahitana iray. Ary nahita an'izao tontolo izao nitsangana teo anoloako aho, nihodina. Voavadika tanteraka izy, sy toy ny voaasa ary vonona ny hambolena. Ary nisy lehilahy iray nandalo, niakanjo fotsy, namafy voa. Ary rehefa avy nandeha

nanodidina ny fiolahan'ny tany izy, dia tonga ny lehilahy iray hafa, niakanjo mainty, namafy voa tao aoriany. Ary rehefa ireo voa izay nafafin'ny lehilahy tsara iray, no naniry, dia vary. Ary ilay ratsy, namafy ilay lehilahy mainty, naniry ireo voa, ary, niakanjo mainty, naniry izany, ary ahi-dratsy ilay izy. Ary, oh, ny anankiray dia nifanohitra tamin'ilay hafa.

37 Ary tonga ny hain-tany lehibe iray, tao amin'ilay fahitana. Ary nanondrika ny lohany ilay vary kely; tena nangetaheta rano mihitsy izy. Ary ilay—nanondrika ny lohany ilay ahi-dratsy; nangetaheta rano izy. Avy eo dia tonga ny rahona lehibe iray, ary nidina ny orana. Dia nitsangana ilay vary kely ka nanomboka nihiakiaka hoe, "Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!" Tena faly izy nahazo an'io rano io. Ary nitsangana ilay ahi-dratsy kely, nanomboka nihorakoraka hoe, "Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!" ho an'ilay rano iray ihany.

38 Tamin'izay fotoana izay dia azoko. Hitanareo? Izay ilay izy. Hilatsaka ny Fanahy Masina, saingy, "Amin'ireo voany, no ahafantarana azy ireo," hoy ny Tompo Jesosy. Hitanareo? Hitanareo? Tsy amin'ny alàlan'ny fihetsiky ny Fanahy, na manasitrana ny marary izy ireo, na miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na mihira ao amin'ny Fanahy izy ireo, na mifaly tahaka an'*ity* na *itsy*. Afaka manao an'izany rehetra izany izy ireo nefa mbola very foana. Ilay izy dia ny fiainanareo ao anatinareo, fahatsapana iray an'ny nateraka indray.

39 Ankehitriny, niezaka nitondra an'ity ho an'ireo Korintiana i Paoly. "Izaho . . . "

> *Ary koa, ry rahalahy, izaho dia* hanana . . . tsy tiako ianareo *tsy hahalala, ahoana fa . . . ny razantsika* rehetra *dia teo ambanin'ny rahona, ary . . . nandeha nitety ny ranomasina;*
>
> *Ary dia . . . natao batisa tamin'i Mosesy . . .*

40 Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nandeha tany an-efitra. Hoy Jesosy hoe, "Tsy izay rehetra manao hoe, 'Tompo, Tompo,' no hiditra. Fa ilay anankiray izay manao ny sitrapon'Ny Raiko izay any An-danitra." Tsy izay lazainareo ilay izy. Afaka mitory ny Filazantsara ianareo nefa mbola very foana. Izany tokoa.

41 Tsy kilalaon'ankizy kely fotsiny ity. Ity dia tena . . . Lalina ilay izy. Ary ny Kristianisma dia tsy ny ho zavatra kely fotsiny, maivana, mahafinaritra, toy ny hoe, "Eny, handeha any ampiangonana aho, ary fantatro fa andraikitro ny mandeha." Tsy izany no Kristianisma. Rahalahy, ny Kristianisma dia tsy . . .

42 Izany dia zavatra iray izay nataon'Andriamanitra. Andriamanitra no nifidy anareo, tao amin'i Kristy, ary naneho anareo ho fanomezam-pitiavana iray, ho an'i Kristy. Ary raha . . . Antson'Andriamanitra, fifidianana! Ary raha manana an'ilay fanararaotra ho lasa izany karazan'olona izany isika,

nefa mandà an'izany, ho an'ireo zava-dratsy kely an'izao tontolo izao? Henoy ankehitriny raha manohy isika.

*Ary* ny rehetra dia *nihinana* an'io mana a*ra-panahy iray ihany* io;

43 Efa renareo ve izany? Ny andininy faha-3.

*Ary* ny rehetra dia *nihinana an'ilay* mana *ara-panahy iray ihany*;

44 Inona no resahany? Ireo fombam-pivavahan'ny fiangonana. Tonga ao am-piangonana ny olona ka milaza fa nibebaka izy ireo, ary natao batisa ho an'i Kristy, nandray ny Anaran'ny Tompo Jesosy. "Ary izy ireo dia nanao an'izany tany an-efitra, ihany koa," hoy i Paoly. Izany no nataon'ireo Korintiana. Niditra izy ireo ary natao batisa ho an'i Kristy. Nandray an'i Kristy, ivelany. Nandray Azy tamin'ny asa. Nanaiky Azy ara-tsaina.

45 Fa, rahalahy, mihoatra lavitra noho ny ara-tsaina izany. Mandeha any ankoatran'izany ilay izy. Izany dia mandeha mankany amin'ny—ny Fahaterahana tena izy iray, fa tsy fiheverana ara-tsaina iray fotsiny na asa ara-pientanam-po iray. Fa, Fahaterahana iray, fahatsapana iray, zavatra iray izay milentika lalina ao am-po ary miova ao amin'ilay vatana anatiny indrindra, izay manao anareo hanao zavatra izay tsy tianareo hatao, amin'ny teny hafa. Izany no manao anareo ho tia an'ireo izay tsy azo tiavina. Manao anareo hihetsika hafa noho izay hany noeritreretinareo fa hihetsehanareo izany.

46 Ary rehefa mipoitra ny toe-javatra, dia izany no vatofantsikareo. Tsy mila manontany ianareo hoe, "Ho vitako ve izany?" Oh, tsia. Ilay izy tsy hoe izaho no hahavita azy. Efa natao ho ahy izany. Kristy ato anatiko, no nanao an'izany, Izy tenany, ary matoky fotsiny ny Vatofantsiny irery aho. Zavatra iray mahafinaritra toy ny inona!

47 Mariho, nandray ny fandraisana izy rehetra. Io hazavana izay tao. . .Fantatsika fa dingana ara-boajanahary iray izany, satria toy ny vongan-dranomandry kely izay nilatsaka avy tany An-danitra izany, mofo kely nisy tantely teo amin'izy ireo. Izany. . .Ilay mofo kely dia mitovy kely amin'ny bisky iray fotsiny, mofomamy kely iray, ary nisy tantely teo an-tampon'izany. Ary mpandray anjara tamin'izany izy rehetra. Niampita ny Ranomasina Mena ny tsirairay avy, ary natao batisa tamin'ny alàlan'ny Rahona sy tamin'ny alàlan'ny ranomasina, tao amin'i Mosesy. Nanaraka an'ireo toro-mariny, amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, natao batisa tao aminy izy rehetra. Mpanaraka izy rehetra, tahaka antsika amin'izao andro izao, tarihin'ny Fanahy Masina, ilay Mpampianatra lehibe an'ny Fiangonana Kristiana. Tarihina isika, ho amin'ny batisan'ny rano.

Dia hoy izy hoe, "Nandray avy tamin'ilay mana iray ihany izy rehetra." Ny. . .

48 Inona no nataon'izany? Nilatsaka ho an'i Kora sy ho an'ny vondrony io mana io, tahaka ny nataony tamin'i Mosesy mihitsy, Kaleba, sy Josoa. Nifangaro niaraka izy rehetra, ny rehetra mpandray anjara amin'ny batisa, ny rehetra mpandray anjara amin'ny maha-mambra, ny rehetra mpandray anjara amin'ny fiaikena, ary, ankehitriny, ny rehetra mpandray anjara amin'ny fandraisana.

49 Azonareo ve ilay izy? Jereo io fampitandremana matotra io. Ary, ry olon'ny tabernakla, avelao hilentika lalina izany. Tsarovy, ny fitodianareo Mandrakizay izany, mihantona eo mihitsy. Aza andalovana fotsiny izany toy ny hoe fihetsehampo kely na zavatra iray. Ity dia zavatra iray izay tsy maintsy hatonintsika am-panajana. Izany dia zavatra iray izay midika hoe na ho velona isika any ankoatra na tsia.

50 Natao batisa tao amin'i Mosesy izy rehetra, tamin'ny alàlan'ny Ranomasina Mena. Nanaraka an'io Vatana-Fanahy iray io ihany izy rehetra, ilay Rahona sy ilay Andry Afo. Notarihin'ilay Anjely iray ihany izy rehetra. Avy tamin'ilay pasitera iray ihany izy rehetra. Natao batisa tao amin'ny ranomasina izy rehetra. Nihinana an'io mana ara-panahy io izy rehetra. Ary io mana io dia Kristy. Kristy nidina, ilay mana dia nidina isan-kariva avy tany An-danitra, ary levona teto, mba hanohanana ny olona tao amin'ny diany.

51 Ary avy tany An-danitra Kristy ka nanolotra ny Ainy, hoe, "Na iza na iza mino Azy dia tsy ho levona fa hanana Fiainana mandrakizay." Nidina Kristy ary lasa manantsika, mba hihinana an'ireo fitahiana ara-panahy iray ihany ireo.

52 Noho izany, ny Fanahy Masina dia afaka milatsaka mihitsy eo anivon'ny olona, ary Kristiana sy matimaty, ary ireo mpino tapany sy mpino mpanara-driandrano dia hihinana tahaka an'izany ihany. Fa tsy mbola midika an'izany io. Oh, maniry aho ny hanana teny, mba ahafahako mitondra an'ity sy hanatsofoka azy ao am-pon'ny olona tsirairay eto. Ary jereo hoe zavatra lalina iray toy ny inona izany. Tsy zavatra iray ilalaovana izany. Tsy fandehanana any am-piangonana fotsiny izany.

53 Ankehitriny, henoy. Nihinana an'ilay mana ara-panahy iray ihany izy rehetra. Eritrereto izany, mana ara-panahy!

54 "Oh," hoy ianareo, "fantatro fa voavonjy aho. Haleloia! Nihiakiaka tao amin'ny Fanahy aho. Nahatsapa an'*ity* aho." Tsy misy idiran'izany amin'io. Hitanareo ve hoe ahoana no anorenantsika ny fitodiantsika Mandrakizay eo ambonin'ny fahatsapana iray? Afaka mahita ve ianareo, ao amin'ity andro izay iainantsika ankehitriny ity, ahoana fa ny olona dia manorina ny—ny fitodiany eo ambonin'ny fahatsapana kely iray fotsiny? "Oh," hoy ianareo, "fantatro fa manana Azy aho, satria izaho—tsapako ilay Hery nandeha nanerana ahy. Izaho nanao

an'*ity*." Mety ho ny fahamarinana marina tokoa izany rehetra izany, fa mbola very foana ianareo.

55 Oh, raha nanana fotoana iray fotsiny isika. Ndao isika hamadika ao amin'ny Korintiana Voalohany 13, eto, vetivety fotsiny, ary hihaino an'izay tsy maintsy ho lazain'i Paoly mikasika an'izany, eto mihitsy.

> *Na dia miteny amin'ny...fitenin'olona sy...anjely aza aho, nefa tsy manana fitiavana* (izany hoe fitiavana), *lasa varahina* iray *maneno aho,* ary ao anatin'ny *kipantsona mikarantsana iray.*
>
> *...na dia manana ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana aza aho, sy mahazo an'*ireo *zava-miafina rehetra, ary* mahafantatra ny *fahalalana rehetra; ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho, mba ahafahako* mamindra *tendrombohitra, nefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho.*

56 Henoy io apostoly henjana antitra io izay mandentika an'izany ao amin'ity fiangonana ara-pihetseham-po ity, izay manorina ny fanantenany eo amin'ny fahatsapana. Ankehitriny, sekoly Alahady ity. Toeran'ny fanitsiana iray ity. Ity dia toeram-pampianarana iray. Ary loza ho an'ilay lehilahy izay hitsangana eo amin'ny polipitra ka ho diso fitarika. Rahalahy, izao no fotoana izay nanaovantsika ny Soratra hitaha amin'ny Soratra. Marina izany.

> *Ary na dia omeko hamahanana ny mahantra aza ny fananako rehetra,...na dia atolotro ho dorana aza ny vatako, nefa tsy manam-pitiavana, dia tsy* mahavita *na inona na inona ho ahy izany.*

57 Hitanareo, ireo asa tsaranareo rehetra, ireo asa soanareo rehetra, ireo zavatra ara-panahy rehetra izay anananareo, ireo fanomezam-pahasoavana rehetra izay anananareo, ireo fahatsapana rehetra izay anananareo, ny fifaliana rehetra izay anananareo, ny fiadanana rehetra izay anananareo, tsy misy idirany amin'izany mihitsy, eo am-panombohana. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

58 Eritrereto izany, vetivety fotsiny. Ary eritrereto ireo fiangonana amin'izao andro izao, ireo fiangonantsika malaza, Presbyterana, Metodista, Batista, ary ara-anaram-piangonana, mihevitra izy ireo hoe satria milaza izy ireo hoe, "Mino aho," miditra, mametraka ny anaran'izy ireo eo amin'ilay boky, dia milamina hatreo izany. Lavitra toy ny ahoana izy ireo!

59 Ny olontsika Pentekotista dia mihevitra hoe, eny, satria manana fahatsapana kely iray izy ireo, nahatsapa ho tsara izy ireo, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, nanana rà kely izy ireo teny an-tànany, diloilo kely teo amin'ny tarehiny, na zavatra iray, "Manana azy izahay." Oh, any amin'ny folo tapitrisa maily lavitra! Azonareo ve ilay izy? Hitanareo ve

hoe ahoana fa ilay devoly, amin'ny maha-andriamanitr'ity izao tontolo izao ity, no nanajamba ny mason'izy ireo, ary manohy miaina tahaka an'izany fotsiny izy ireo. Henoy.

> Fa *na dia omeko hamahanana ny mahantra aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro aza ny vatako . . . ho dorana, nefa tsy manana fitiavana, . . .* izaho dia *tsinontsinona.*

60 Jereo ireo fanomezam-pahasoavana rehetra ireo, ireo zavatra tsara rehetra ireo. "Mamahana ny mahantra aho. Manana fo tsara iray aho mikasika ahy. Izaho manao an'*ity*. Izaho manao an'*itsy*. Mandeha any am-piangonana aho. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Maminany aho. Manasitrana ny marary aho. Mitory ny Filazantsara aho. Manao an'ireo zavatra ireo aho." Hoy i Paoly hoe, "Mbola, tsinontsinona foana aho." Ireo zavatra rehetra ireo dia azo alaina tahaka ara-nofo. Ankehitriny dia inona no lazainy?

> *Ny fitiavana maharitra, . . . dia tsara fanahy; ny fitiavana tsy mialona; ny fitiavana tsy mirehareha amin'ny tenany, . . . tsy mieboebo,*

> *Tsy* mitondra ratsy *ny tenany*, amin'ny tsy fahamendrehana, . . . (Eritrereto fotsiny!) *tsy mora sosotra, tsy mieritreritra ratsy;*

61 Fitiavana, fitiavana. Inona ny fitiavana? Andriamanitra izany. Ahoana no anatonan'Andriamanitra anareo? Amin'ny alàlan'ny Fahaterahana iray. Hitanareo?

62 Ankehitriny, natao batisa tao amin'i Mosesy izy rehetra. Nihinana ny fandraisana izy rehetra. Nanana an'ilay mana ara-panahy iray ihany izay avy tamin'Andriamanitra izy rehetra. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nihinana an'ilay zavatra iray ihany.

63 Ary, amin'izao andro izao, dia mitsangana manodidina mihitsy isika ka mandre ny Teny, ary mifaly amin'Izany, sy mandray ny Mana ka mihinana an'Izany, ary manao hoe, "Oh, haleloia! Tsara izany. Oh, mankasitraka an'Izany aho. Eny, natao batisa tao amin'ny fiangonana aho. Izaho—mandray aho ka manao ny fiaikeko. Mametraka ny anarako eo amin'ny boky aho. Mambra mpanorina iray aho." Foana tanteraka izany rehetra izany raha tsy misy zavatra izay nataon'Andriamanitra. Raha izany no . . . Izany ireo zavatra izay nataonareo. Izany ireo zavatra izay novokarin'ny finoanareo.

64 Fa, raha tsy Andriamanitra no nanao zavatra taminareo, ho amin'ny Fahateraham-baovao! Vetivety fotsiny ankehitriny. Ankehitriny ny andininy faha-4.

> *Ary nisotro an'ilay* Vatolampy *ara-panahy iray ihany izy rehetra*: *satria nisotro avy tamin'io Vatolampy ara-*

*panahy izay nanaraka azy ireo io izy ireo: ary io Vatolampy io dia Kristy.*

65 Nisotro avy tamin'ilay loharano izy rehetra, nifaly izy ireo. Noho izany dia inona no dikan'izany? Ny vary sy ny ahi-dratsy dia samy nifaly mba hahazo an'io rano ara-panahy io. Mandeha any am-piangonana isika. Mitehaka ny tànantsika miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo isika. [Mitehaka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Mihiakiaka miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo isika. Mitsambikina ambony-sy-ambany eo amin'ny gorodona miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo isika. Midera an'Andriamanitra miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo isika. Maminany miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo isika. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny sisa amin'izy ireo isika. Mivavaka ho an'ny marary tahaka ny sisa amin'izy ireo isika. Fa hoy izy hoe. . . Henoy ankehitriny, raha mandeha lavidavitra kely fotsiny isika.

66 Ankehitriny ny. . . te-hijanona iray minitra, oh, eo amin'ny, "io Vatolampy io dia Kristy." Ilay Vatolampy dia Kristy. Tao amin'ny endrika ara-bakiteny izany, tahaka azy ao amin'ny endrika ara-panahy amin'izao andro izao. Ny Mana, ny Sakafo, dia ny Teny izay avy tamin'Andriamanitra any An-danitra, Kristy no Tenin'Andriamanitra, ary mihinana ny Teny isika. Hitanareo? Mipetraka isika, tahaka ny tao amin'ny Hafatra aninkeo maraina, mihaino isika. Ny fanahintsika dia manakatra sy mandramby an'ity Teny ity. Mivelona amin'ny Teny isika. Hoy Izy hoe, "Nihinana an'io Mana ara-panahy iray io ihany izy rehetra, ary nisotro izy rehetra, ny rehetra nisotro avy tamin'io Vatolampy ara-panahy iray io ihany, ary io Vatolampy io dia Kristy." Eritrereto izany.

67 Ankehitriny dia inona no hataony? Mametraka an'izany eo amin'ny fiafarana iray eto. Mampitandrina an'ireo Korintiana izy hoe, "Tandremo tsara izay ataonareo. Rehefa tonga eo anivonareo aho, ny anankiray manana salamo, ny anankiray manana fiteny tsy fantatra, ny anankiray manana an'*ity*, ary ny anankiray manana an'*itsy*, ny anankiray manana faminaniana iray, ny anankiray manana fanambarana iray, ny anankiray manao an'*ity*, ary ny anankiray manao an'*itsy*." Mitandrema tsara. Aza manorina ny finoanareo eo amin'izany. Mety tsara ireo zavatra ireo, manana ny toerany izy ireo, ary ao amin'ny fiangonana, saingy aza manorina ny famonjenareo eo amin'izany mihitsy. Raha tsy mifanaraka tsara amin'ny Tenin'Andriamanitra ny fiainanareo, amin'izay fotoana izay dia izao no fotoana ho an'ny fahitsiana iray miaraka amin'Andriamanitra.

68 Mariho, ankehitriny, ary, io Vatolampy io, io Vatolampy io no ilay Vatolampy izay tany an-efitra.

69 Ary tiako ianareo hanamarika, rehefa niantso an'i Mosesy

Andriamanitra, ka naniraka azy hankany Egypta mba hanafaka ny zanak'Isiraely avy teo ambanin'ny ziogan'i Farao, dia hoy Izy hoe, "Inona iny an-tànanao iny?"

Dia hoy izy hoe, "Tsorakazo iray izany."

70 Dia nalainy ilay tsorakazo ka natsipiny tamin'ny tany izany, ary lasa menarana iray, ary izy, nandositra i Mosesy, avy eo dia nalainy izany, ary lasa tsorakazo iray teny an-tànany.

71 Ary io tehina io, rehefa tonga tany Egypta izy, dia nahinjiny teo ambonin'i Egypta izany, ka tonga ireo lalitra. Nahinjiny izany, ary nilatsaka ireo loza. Fitsaran'Andriamanitra izany. Tao anatin'ny faninjirana an'ilay tehina ny fitsaran'Andriamanitra.

72 Ary avy eo, mariho, talohan'ny nahafahan'io tehina io ho azo ampiasaina marina tokoa. Nametraka ny tànany tao an-tratrany i Mosesy, dia lasa habokana ilay izy.

73 Tahaka ny olona rehetra, eo am-panombohana, mpanota iray ara-natiora, tsy misy fomba ialana amin'izany, teraka tamin'ny fahotana ianareo, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga. Mety efa voatolotra teo amin'ny alitaran'ny fiangonan'ny reninareo ianareo, mety efa nofafazana ianareo, ianareo mety efa ho *ity*, *itsy*, saingy mpanota iray ianareo eo am-panombohana.

74 Avy eo, dia misy iray hafa. Hoy Andriamanitra hoe, "Atsofohy ao an-tratranao indray ny tànanao." Teo ambonin'ny fony, no nametrahany ny tànany indray, teo amin'ny fanirahan'Andriamanitra, izay niterahana antsika. Voalohany, ny tànany dia boka. Naterak'Andriamanitra ianareo, aloha, mpanota iray; tsy amin'ny alàlan'ny safidy, fa amin'ny alàlan'ny natiora; avy eo dia miverina indray ianareo. Ary rehefa nivoaka izy, dia madio sy tanteraka ilay tànana, maneho fa io tànana io, talohan'ny nahafahany nanofahofa an'ilay tehin'ny fitsarana, dia tsy maintsy nisy tànana iray madio, talohan'ny nahafahany nanofahofa. Ary ny mpitoriteny rehetra, ny mpampianatra rehetra . . .

75 Nandre zavatra aho aninkeo maraina izay nampangatsiaka ny ràko tokoa, rehefa nandefa ny radio-ko aho, talohan'ny nahatongavana mihitsy. Tsy hoe tsy manaja; ary raha misy olona eto, mpihavana amin'ilay olona, dia tsy fanahy iniako ny handratra anareo. Fa izao no fotoana . . . Ary hanampy ahy anie Andriamanitra mba ho tena Kristiana hametraka foana, hanao an'ilay mainty ho mainty, ary ny fotsy ho fotsy, mba hahitsy fo.

76 Nandre olona iray aho nihira, ka nanao hoe, "Manana ny testamentako aho." Ary namadika ka namaky Soratra iray, ary nitory teny avy tao amin'ny Salamo voalohany, "Sambatra ny olona izay tsy mipetraka eo amin'ny sezan'ny mpaniratsira, mandeha ao amin'ny làlan'ny mpanota." Fantatrareo ve hoe iza izany? Ilay zalahin'ny rock-and-roll, Jimmy Osborne avy tao amin'ny radio, nitory ny Filazantsara.

77 Oh, rahalahy, raha mba nisy fahafaham-baraka iray! Ny olona iray tahaka an'izany dia tsy manana raharaha hiditra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra velona. Nefa ianareo dia mitondra an'io lehilahy io eo amin'ny Renfro Valley Barn Dance, ny alina manontolo ao amin'ny korana ratsy iray, mitehaka ny tànany ary manohy ao amin'ny korana ratsy iray. Ary ny ampitso maraina, dia nanova ny feony ka niresaka tahaka ny Kristiana iray. Ary, nahoana, ratsy sy fahalotoana eo imason'Andriamanitra izany.

78 Ny tànana izay manofahofa an'ity Tehin'ny fitsarana ity dia tsy maintsy diovina amin'ny Hery sy ny fitsanganan'i Kristy. Tsy manan-draharaha hikirakira ny Tenin'Andriamanitra izy. Mpitory teny maro mihitsy aza no miezaka manamarina an'io Elvis Presley io, izay tsinontsinona mihitsy afa-tsy Jodasy Iskariota moderina iray. Jodasy Iskariota nahazo volafotsy madinika telopolo; Elvis Presley nahazo iray tapitrisa dolara sy Cadillacs iray vala. Saingy, nivarotra izy. Mpino Pentekotista iray izy, ary nivarotra ny fizokiany mba ho lasa rock-and-roll iray, ary voatsindrimandrin'ny devoly. Ary tsy misintona totohondry amin'izany mihitsy aho. Tsia, tompoko. Ary Jodasy Iskariota moderina iray.

79 Ary, avy eo, na dia ireo mpitoriteny aza dia miezaka manohana an'io karazan-javatra io. Dia hoy i Elvis Presley hoe, "Hia, matoky an'Andriamanitra aho ny amin'ny fahombiazako rehetra." Ahoana no mba hanomezan'Andriamanitra velona, masina iray fahombiazana ny faharatsiana sy devoly iray, zavatra demoniaka?

80 Efa izany tanteraka tokoa no iray amin'ireo sakana lehibe indrindra izay hitan'ity firenena ity mihitsy aza, dia zalahy iray tahaka an'i Elvis Presley izay nandefa fanahy an-tapitrisany tany amin'ny helo, tamin'ny alàlan'ny karazana rock-and-roll-ny maloto, feno loto. Izany tokoa. Izaho tsy manana fialan-tsiny, mihitsy. Raha afaka mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ianareo, dia tsarovy, misy devoly tonga nofo iray. Tanteraka tokoa.

81 Ary tsy manan-draharaha amin'ny Tenin'Andriamanitra i Jimmy Osborne sy izy ireo. Ary tsy misy olona koa izay mitondra foana ny anaran'Andriamanitra, ao anatin'ireo korana sy fandihizana niaraka tamin'ny rock-and-roll ratsy sy karazan-javatra ratsy tahaka an'izany, ho tonga eo amin'ny polipitra rehetra ka hiezaka hitondra ny Tenin'Andriamanitra.

82 Izany no olana amin'ny maro amin'ireo fiangonana amin'izao andro izao, avoakanareo avy ao amin'ireo toerana eto ireo ny sasany amin'ireo boogie-woogie ratsy kely ireo. Zazavavy kely antitra iray izay mikorana sy manao an'ireo rock-and-roll rehetra eto, amin'ny hariva iray; ary tonga eo amin'ny alitara izy, ary ny hariva manaraka dia asainareo miakatra izy mihira hira manokana iray. Ny sasany aminareo zalahy ireo dia maka

an'ireny mpitendry gitara tranainy ireny avy any amin'ireo toerana any amin'ny toeram-pandihizana amin'ny alina, ary nametraka azy eo amin'ny polipitra, mitory teny, afaka roa herinandro.

83 Rahalahy, teneniko aminareo, tsy hanao an'izany mihitsy izy eto. Tsia, tokoa. Tsy maintsy mianatra izy, mba hanaporofo ny tenany ho lehilahin'Andriamanitra iray, ary mahita. Tsy mino an'io fiovàna tampotampoka tahaka an'izany io isika. Izany no nitondra ny fiangonana ao amin'ny toerana izay misy azy amin'izao andro izao.

84 Mila Fahamarinana isika. Ity Teny ity no Fahamarinana. Marina izany. Tsy maintsy ho tànana madio iray ny tànana izay mampiasa an'ity Tehin'ny fitsarana ity. Tanteraka tokoa.

85 Nodiovina io tànan'ny fitsaran'i Mosesy io, ary avy eo dia napetraka tao anatin'izany ilay tehina. Dia nidina ilay tehina ka nitondra fitsarana teo amin'ny Isiraely.

86 Ary avy eo, tany an-efitra, io tandindona tsara tarehy io. Ary tsy maintsy mamarana aho. Ity tandindona tsara tarehy ity, rehefa teo ilay Vatolampy, "ary io Vatolampy io dia Kristy."

87 Ary teo am-pahafatesana ireo olona teo am-pahalevonana, nohon'ny rano, ary mendrika an'izany izy ireo. Mendrika ny ho faty izy ireo satria nimonomonona. Nitaraina izy ireo. Tsy mpino izy ireo, tany amin'ny voalohany. Tsy misy afa-tsy mpino aratsaina izy ireo. Izy ireo . . . Ilay—natao ilay ivelan'ny voajanahary, ary vahoaka betsaka nifangaro no nivoaka. Tsy niova fo avy tamin'ny fony izy ireo.

88 Telo ihany no tao amin'ilay andiany, izay fantatsika; Mosesy, Arona, sy Kaleba, Miriama.

89 Ary Miriama dia naneho ny famadihany, ihany koa, rehefa nihomehy izy, satria nanambady an'io zazavavy Mainty io i Mosesy. Dia hoy izy, "Tsy nisy zazavavy hafa ho vadiana ve, sy ny sisa? Afaka nanao an'izany izy." Ary tsy faly tamin'izany Andriamanitra, ka namely azy tamin'ny habokana.

90 Ary niantsoantso ny rahalahiny manokana, nanao hoe, "Hamela ny anabavinao ho faty ao amin'io toerana io ve ianao?"

91 Ary niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra mba ho tonga eo Anatrehany. Ary nandeha izy ka nanelanelana ho—ho an'i Miriama. Tsy velona ela izy taorian'izany.

92 Tsia, rahalahy. Izay ataon'Andriamanitra dia tanteraka. Tsy manana raharaha isika, miaraka amin'ny saintsika, mametraka na inona na inona eo amin'Izany. Avelao fotsiny Izany arak'izay maha-izy Azy. Andriamanitra no nanao an'izany; Andriamanitra no nilaza an'Izany; milamina hatreo izany. Raiso fotsiny izany. Tsy fantatro hoe ahoana ilay izy . . . Raha afaka nanazava an'izany aho, amin'izay fotoana izay dia ho nitovy tamin'Andriamanitra aho. Tsy afaka manazava an'Izany

aho. Mino an'Izany fotsiny aho. Izay ihany. Izay ihany no nangatahana hataoko. Tsy misy olona nangatahana hanazava an'izany, satria any ankoatry ny saintsika izany, any ankoatry ny fahaizantsika izany. Andriamanitra No manao an'izany, noho izany dia tsy azo azavaina izany. Manaiky an'izany fotsiny aho, amin'ny finoana, ka manao hoe, "Fananako manokana izany, ary mino an'izany aho." Tsy afaka manazava an'izany aho.

93 Ahoana fa nipetraka teo io vatolampy io! Nanana vatolampy iray Andriamanitra, izay nitahiry azy ho feno rano, vatolampy kely iray fotsiny angamba tsy goavana kokoa noho ity birao ity. Fa rehefa nikapoka an'io vatolampy io i Mosesy, dia nisy rano ampy nivoaka avy tao aminy mba hanome rano vahoaka roa tapitrisa. Ary tsy izany ihany, fa koa biby fiompy sy ondry maro sy ny sisa izay nananan'izy ireo niaraka tamin'ireo.

94 Oh, rehefa mahita ny sasany amin'ireo artista ireo aho, izay mandoko sary, indray mitete kely—kely milatsaka avy amin'ny vatolampy iray, ary ankizy iray no nitsangana teo niaraka tamin'ny—ny siny kely iray teny an-tànany! Oh, tsy tahaka an'izany mihitsy no nahatongavany.

95 Tonga tamin'ny alàlan'ny fiboiboika mafy niboiboika izany. Nanome rano vahoaka mihoatra ny roa tapitrisa izany, ankoatr'ireo ramevany sy ireo bibiny rehetra. "Ary io Vatolampy io dia Kristy Jesosy." Mirazotra tsara tarehy amin'ny Jaona 3:16. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, fa Nomeny Ny Zanany lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana Fiainana Mandrakizay."

96 Ary mariho izay nitranga. Ny fomba tokana nahafahan'izy ireo namoaka an'io rano io avy tao amin'io vatolampy io, dia tsy maintsy nikapoka an'ilay vatolampy ny tehin'ny fitsarana. Dia nikapoka an'ilay Vatolampy i Mosesy, ka namely teo ambonin'ilay Vatolampy ny fitsaran'Andriamanitra. Ary rehefa nanao izany, dia namoaka ny ranony izy.

97 Ny olona dia tena...Marina Andriamanitra, tamin'ny namelàna azy ireo ho faty, satria tsy nino Azy izy ireo, izy ireo dia nanana, tsy mendrika hajaina, maloto saina izy ireo, tsy mendrika ny ho velona izy ireo, na dia i Mosesy aza dia niantso azy ireo hoe "mpihodina," mpikomy manohitra an'Andriamanitra, ary mendrika ny ho faty izy ireo.

98 Ary mendrika fahafatesana isika rehetra satria mpikomy manohitra an'Andriamanitra. Voafidy...Mariho, mendrika ny ho faty isika rehetra. Fa, tena mamindra fo Andriamanitra! Tsy tokony nieritreritra antsika mihitsy Izy. Fa, tena mamindra fo Izy, hany ka nitondra ny fahotan'ny tsirairay avy tamintsika Izy, ary nikapoka Ny Zanany malalany Manokana, Kristy; mba tsy ho levona isika, fa hanana Fiainana Mandrakizay. Ahoana no ahafahantsika hisotro avy amin'io Vatolampy io, nefa avy eo dia tsy hahitsy ao am-pontsika?

99 Fa, rahalahy, misy an-tapitrisany amin'izy ireo, izao maraina izao, no manao an'izany. Tena marina tokoa izany. Matoky izy ireo satria Batista izy ireo, na Metodista, na Pentekotista. Matoky izy ireo satria nanana fihetseham-po hafahafa kely izy ireo, satria niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, satria nihiakiaka izy ireo, satria nandihy izy ireo, satria nanana asam-panasitranana iray izy ireo ka nanasitrana ny marary Andriamanitra, na zavatra izay itokian'izy ireo, satria nanana fanambarana iray izy ireo (marina izany,) satria izy ireo nanao an'*ity*. Mety tsara daholo ireo zavatra ireo, tsy misy na inona na inona ho lazaina manohitra azy ireo, saingy tsy misy idiran'izany amin'ny famonjenareo, tsy misy zavatra anankiray. Afaka mandraraka diloilo avy eo amin'ny tànanareo ianareo mandra-pahatonga azy ho galona, na rà avy eo amin'ny tarehinareo, fa mbola tsy midika na inona na inona foana. Marina izany.

100 Hoy i Paoly hoe, "Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aho, nefa mbola very foana." Na dia afaka nanana fahendrena sy fahalalana aza aho, ary afaka nitsangana sy nanazava an'ity Baiboly ity, mba hanaovana Azy hitovy, hamatotra Azy miaraka fotsiny, dia mbola tsy misy idiran'izany amin'io foana.

101 Rahalahy, nisotro avy tamin'ilay Vatolampy iray ihany izy rehetra. "Io Vatolampy io dia Kristy."

102 Teo amin'i Kristy ireo fitsarana, mba ahafahanareo hahazo tombontsoa ho tonga sy hisotro. Ny fahatsaran'Andriamanitra aminareo, no manao anareo ho avy hisotro. Fahatsaran'Andriamanitra aminareo, no manao anareo hihinana avy amin'ny Teny. Ny fahatsaran'Andriamanitra aminareo, no Namelany anareo hatao batisa. Ny fahatsaran'Andriamanitra aminareo, no manao anareo ho teratany iray, manome anareo fahasalamana, mametraka anareo ato amin'ny fiangonana izao maraina izao. Ny fahatsaran'Andriamanitra izany. Ny fahatsaran'Andriamanitra izany rehetra izany.

103 Fa ahoana ny amin'ny fahatsaranareo amin'Andriamanitra? Manaiky ny hanolotra ny zavatra rehetra ve ianareo, ny eritreritra rehetra, ny fihetsika rehetra, ny zavatra rehetra ho Azy? Izany no—izany no nataon'Andriamanitra ho anareo. Inona no hataonareo ho Azy?

104 Mariho, ndao isika hamaky andininy vitsivitsy amboniny fotsiny. Ary izaho—hamarana aho, mba ahafahan'ny pasitera manohy ny teniny. Jereo ankehitriny. "Ary ilay Vatolampy iray ihany dia Kristy." Ankehitriny ny andininy faha-5.

> *Fa ny maro tamin'izy ireo Andriamanitra dia tsy . . . faly: . . .*

105 Hitanareo? Navelany hatao batisa izy ireo. Navelany hihinana ny Teny izy ireo ary nino an'Izany. Navelany hahazo fitahiana ara-panahy izy ireo. Navelany hisotro avy tao

amin'ilay Vatolampy ara-panahy izy ireo. Izany rehetra izany dia nataon'Andriamanitra, nohon'ny Fahasoavany, saingy, kanefa, tsy faly tamin'izy ireo Andriamanitra. Jereo.

*. . .fa naringana tany an-efitra izy ireo.*

106 Aorian'ireo fahatsapana rehetra ireo, aorian'ireo asampanasitranantsika lehibe rehetra izay efa hitantsika, aorian'ireo fahagagana lehibe rehetra izay efa hitantsika natao, aorian'ireo fihetseham-po lehibe rehetra izay nananantsika, ny amin'ny fikiakiahana sy ny fiderana an'Andriamanitra, ny fisotroana an'io Vatolampy io, ireo toriteny tsara rehetra izay nankafizintsika, kanefa naringana. Tapitra ny rehetra! "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka. Tsy nahafantatra anareo akory aza Aho."

107 Mandiniha tena! Manana fifohazana iray ho avy isika. Fantatro fa mafy izany. Fa, rahalahy, ny ray rehetra izay tsy hanitsy an'ireo zanany dia tsy dada tsara iray. Marina izany. "Ringana."

*Ankehitriny ireo zavatra ireo dia ohatra ho antsika, . . .*

108 Paoly no miteny. Mino an'izany ve ianareo? Ohatra iray izany. Eny àry.

*. . .amin'ny fikasana* mba *tsy tokony hitsiriritantsika zavatra ratsy, tahaka ny nitsiriritan'izy ireo koa.*

109 Azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray mitsangana, izay mpandefa diska, mpanodina diska iray, ka mandefa rock-and-roll maloto ratsy, ary, "Nisy zavatra nitranga, ary taitra tanteraka aho," ary ireo karazana hira ratsy maloto rehetra izay tendren'i Elvis Presley sy ireo zalahy ireo, nefa avy eo dia miverina ka maka tahaka mitory ny Filazantsara? Eritrereto izany!

110 Azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray sy vehivavy iray mipetraka any ivelany, ary ilay vehivavy mandry any ambadiky ny tokontany, ary manao fitafy tapaka, ratsy kely maloto, mampiseho ny tenany eo anatrehan'ny lehilahy, nefa avy eo dia miverina avy hatrany ka misotro avy amin'io Vatolampy ara-panahy io, ary mihiakiaka sy manao hadalana?

111 Misy foto-pampianarana lehibe eo anivon'ny vahoaka Pentekotista, ny amin'ny fahalalahan'ny vehivavy. Manao kavina lehibe, lava izy ireo, ary—ary manao an'ireo karazana akanjo rehetra.

112 Ary nipetraka teo anoloan'ny tranoko ny lehilahy tanora iray, andro vitsy lasa izay, tao anatin'ny kamiao kely iray, nitomany, hoe ny vadiny. . .Pentekotista, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, manome faminaniana. Azo antoka. Ary manao hoe, "Manao sorta ny fiangonana manontolo." Ary izy. . . "Mivoaka eny an-dàlambe izy, amin'ny valo ary amin'ny sivy ora amin'ny

alina, mitsimpona an'ireo poti-tsigara kely izay narian'ireo hafa, ary mifoka. Nefa mbola mihiakiaka foana, midera ny Tompo, ary manome faminaniana."

113 Nitsangana tao amin'ny fiangonana iray aho indray andro, izay nisy lehilahin'Andriamanitra malaza iray, izay ananako fanajana lehibe, ary nampiharihary an'izany izy. Rehefa ny iray amin'ireo lehilahy, izay iray amin'ny mpitarika an'izany, no nivoaka, ary—ary nanana an'io rà rehetra io izy nivoaka avy teo amin'ny tànany sy ny sisa. Ary lasa farim-peo aho, avy any atsinanana, avy any andrefana, miezaka manameloka an'io zavatra io, eo amin'ny fototry ny Baiboly. Nefa, tsy avy amin'Andriamanitra izany.

114 Raha Rà ara-batana ny rà rehetra izay avy amin'i Kristy, amin'izay fotoana izay dia eto Ny Vatany ara-batana, amin'izay fotoana izay dia tapitra ny Fihaviana faharoa. Hoy Jesosy hoe, "Aza mino an'izany, rehefa hoy izy ireo hoe, 'Indro, any antany efitra Izy.' Aza mino an'izany, rehefa hoe, 'Eto Izy.' Aza mino an'izany. Fa hisy ireo Kristy sandoka hitsangana, sy ireo mpaminany sandoka, ary haneho famantarana sy fahagagana izy ireo, hany ka hamitaka an'ilay tena voafidy izany." Ary niantsoantso an'izany avy tany atsinanana nankany andrefana aho.

115 Ary farany, tany amin'ny Morontsiraka Andrefana, Dr. Canada antitra iray, izay sakaizako akaiky, no nitsangana. Ary lehilahy iray hafa, izay mpikarakara lehilahy anankiray izay nanomboka an'izany, anankiray amin'ireo hetsika ireo, no tonga teo ary nanome goavana be iray. . . Hoy izy, "Diloilo madio sy rà masina. Haseho ny rànay androany." Dia fenon'izy ireo ilay toerana. Ary nasehony hoe ahoana, teo ambanin'ny fehikibony, dia nanana fanjaitra roa niraikitra izy.

116 Ny olona rehetra dia mahafantatra fa afaka manindrona an'io rantsan-tànana io ianareo, ary tsy hivoa-drà izany raha tsy potserinareo na terenareo. Raha manisy lavaka iray ao anatiny ianareo, dia tsy hanao an'izany izy, satria tena lavitra be avy eo ireo làlan-drà. Ary rehefa nataony izany, dia nasehony hoe ahoana no nanaovany azy.

117 Nanana menaka izy *teto*, nametraka ny tànany teo amin'izany. Avy eo dia tonga izy ka nanao hoe, "Jereo ny tànako, ara-dalàna tanteraka ilay izy." Avy eo dia hoy izy hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Haleloia!" Dia nopotseriny ny tànany tahaka an'*izao*. Azo antoka, nisy rà nopotserina avy tao amin'ny rantsan-tànany. Raha mbola nihiakiaka ny olona rehetra, dia nofafany ny lohany, ary nisy hazo fijaliana iray teo. Nefa, ilay tena lehilahy izay niaraka tamin'ilay lehilahy izay nanao an'izany mihitsy, teo ilay izy, dia nampiharihary teo anatrehan'ny mpanatrika mihitsy, ary niaraka. . . nampiditra tao am-paosiny, mba haneho an'ireo diloilo sy ny sisa.

118 Ny anankiray nametraka fo iray teo amin'ny rindrina, ka nanao hoe, "Ity rindrina ity dia misintona ny Ràn'i Jesosy. Izany no fon'i Jesosy." Niditra ny Texan goavana antitra iray, tsy natahotra. Hoy izy, "Raha nisy olona nikasika an'io, dia ho faty izy ireo." Nanana tady izy ireo. Ny rehetra dia manana ny sarin'izany sy ny zavatra rehetra, tany, izay nisy an'io rindrina io nivoa-drà, nitsoka rà avy tao amin'ny fo iray. Ary miditra ity lehilahy ity ka mitsofoka ao am-piangonana, izy sy ny vadiny, nanasa an'ilay loko teo amin'ny rindrina, ary nipetraka teo ka niandry. Rehefa tonga izy ireo dia hoy ilay pasitera hoe, "Eny, fantatrao, efa tato Jesosy ary nanaisotra an'izany."

119 Hoy izy hoe, "Tsy nisy nidiran'i Jesosy tamin'izany. Izaho no nanao an'ilay izy, ny tenako." Marina izany.

120 Inona no nitranga? Izany dia satria tsy mari-toerana ny olona, eo amin'ny Tenin'Andriamanitra velona. Tsy milaza ve ny Baiboly hoe, "Handeha avy any atsinanana izy ireo, avy any andrefana, avy any avaratra, ary atsimo. Hisy mosary iray, tsy ho an'ny mofo sy rano irery ihany, fa ho an'ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra"? Andro iray toy ny inona no iainantsika!

121 Ary hitantsika ankehitriny fa ireto fiangonana ara-anarampiangonana lehibe rehetra ireto dia manakambana ny tenany miaraka, ary izany dia tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy maintsy hikambananareo amin'io ligin'ny fiangonana io alohan'ny ahafahanareo hanana radio iray mihitsy aza. Nesorina tamin'ny radio ianareo. Ry tovolahy, aza manahy ny amin'izany mihitsy ianareo. Ary ny sisa amin'izy ireo dia izany, ihany koa, sy ireo fandaharan'ny televiziona rehetra. Tsy maintsy mikambana amin'ilay ligin'ny fiangonana ianareo alohan'ny ahafahanareo manao an'izany. Ary rehefa manao an'izany ianareo, dia tsy manao mihitsy afa-tsy ny mariky ny bibidia, araka ny Baiboly. Eo ianareo izao. Hitanareo ve hoe ahoana fa mifamatotra miaraka izany rehetra izany?

122 Oh, isaorana anie Andriamanitra, misy Andriamanitra velona iray marina tokoa. Misy Tompo marina iray marina tokoa. Misy Teny marina iray marina tokoa. Misy fanasitranana marina iray marina tokoa. Misy marina tokoa ireo zavatra rehetra ireo. Fa, rahalahy, aza manorina ny finoanareo eo amin'ny fihetseham-po kely iray mihitsy, eo amin'ny lamin'ny fiangonana iray, eo amin'ny fandraisana ny fandraisana, eo amin'ny fihinanana avy amin'ilay Vatolampy ara-panahy.

123 Hoy ianareo hoe, "Fantatro *ity,* rahalahy. Efa nanandrana an'Andriamanitra aho." Mety ho marina tokoa izany. Fa karazana toerana inona no nilatsahan'izany? Izany ilay zavatra manaraka. Karazana siny inona no nidiran'izany? "Marina sy tsy marina." Henoy ankehitriny.

> *Ankehitriny ireo . . .* dia *ohatra, amin'ny fikasana* mba *tsy tokony hitsiriritantsika zavatra ratsy, tahaka ny*

*nitsiriritan'izy ireo koa.*

124 Inona ny fitsiriritan'izy ireo? Ankehitriny, henoy, te-handeha lavidavitra kely fotsiny aho, raha hamela ahy ianareo.

*Aoka ianareo tsy ho mpanompo sampy koa, . . .*

125 Oh, hoy ianareo hoe, "Misaotra an'Andriamanitra aho, tsy mpanompo sampy iray aho." Andraso iray minitra fotsiny. Ndao isika handinika an'izany amin'ny alàlan'ny Teny. Hoy ianareo hoe, "Tsy hanompo sampy iray aho." Tsy midika mihitsy izany fa manompo sampy iray ianareo. Mila mipetra-potsiny fotsiny ianareo, tsy manao na inona na inona. Mandeha any ampiangonana, "Hia, mety tsara izany." Miverina any an-trano, tsy manao na inona na inona mikasika an'Izany.

126 Rahalahy, ny tena lehilahy na vehivavy nateraka indray dia tsy afaka mipetraka tsara. Misy Zavatra ao anatin'izy ireo. Tsy maintsy mijoro vavolombelona izy ireo. Tsy maintsy manao zavatra izy ireo. Voatery hanao zavatra izy ireo. Tsy afaka mihazona ny filaminany izy ireo. Henoy.

*Aoka ianareo tsy ho mpanompo sampy koa, tahaka* (izy ireo) *ny sasany amin'izy ireo; araka ny voasoratra hoe, Nipetraka ny olona mba hihinana sy hisotro, ary nitsangana mba hilalao.*

127 Inona no resahan'i Paoly? Ohatra. Natao batisa tao amin'ny fiangonana izy ireo. Tena nanana batisa iray marina tokoa izy ireo. Indray mandeha; intelo nankany aloha; nankany aoriana; tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina; Jesosy irery; na inona na inona ilay izy, dia nanana batisa marina iray izy ireo, natao batisa marina izy ireo. Mifamaly sy mikorontana isika, ary miady hevitra mikasika an'ireo zavatra kely tahaka an'izany. Inona no soa ataon'izany? Mamela an'ilay fitsipika lehibe ianareo. Ireo fiangonantsika dia nisaraka, teo amin'ny batisa. Izany tokoa.

128 Avy eo dia hoy ianareo hoe, "Oh, haleloia! Tsy manana an'ilay fitahiana ara-panahy izay ananantsika izy ireo. Tena mangatsiaka izy ireo, ara-pomba. Voninahitra ho an'Andriamanitra, mihinana an'ilay tena Manan'Andriamanitra aho. Fantatro fa Izany no Fahamarinana." Izany marina tokoa no fahamarinana, saingy inona no fahasamihafana ataon'izany? Hoy ianareo hoe, "Rahalahy, izaho . . . Ny—ny Fanahy Masina dia milatsaka marina tokoa ao amin'ny fiangonanay." Tsara izany, saingy inona no fahasamihafana ataon'izany aminareo, raha tsy ilay karazana vazy tsara idinan'Izany ianareo? Tsarovy.

129 Oh, hoy ianareo hoe, "Tso-po aho." Toy izany koa izy ireo. Nilaozan'izy ireo ny tranony ka lasa nivoaka, nametraka ny tendany mihitsy aza, mba hanarahan'ny fahafatesana. Nanao mihoatra lavitra noho izay tokony hataontsika izy ireo. Tsy nisy nidiran'izany tamin'io. Eritrereto fotsiny.

130 Hoy ny Baiboly hoe, "Foana ny ivavahan'izy ireo Amiko. Foana ny ivavahan'izy ireo Amiko." Fivavahana marina tanteraka tokoa, foana. Taiza no nanombohan'izany? Hatrany amin'ny sahan'i Edena mihitsy, Kaina. Nanompo an'Andriamanitra tahaka ny nataon'i Abela mihitsy izy, saingy foana ny nivavahany Taminy. Eny, tompoko. "Misy làlana izay toy ny mahitsy amin'ny olona."

131 Hoy ianareo hoe, "Eny, nahoana izany? Efa nibebaka aho ankehitriny. Nahoana aho no tsy mety tsara? Nibebaka aho. Heveriko fa tsara tahaka ny olon-kafa rehetra mihitsy aho. Mandeha any am-piangonana aho. Efa vita batisa aho. Mahazo an'ireo fitahian'Andriamanitra aho. Tiako ny toriteny tsara iray. Tiako ny Tenin'Andriamanitra. Tiako ny mamaky Azy. Ary izaho dia mahazo fitahiana ara-panahy, ihany koa. Ary, haleloia, afaka maminany aho. Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Efa nanao ny zavatra rehetra aho, nefa ny tianao ho lazaina ve dia hoe 'foana izany'?"

132 Ankehitriny, tsy milaza aho hoe foana izany, fa azo atao ny mety haha-foana an'izany. Marina izany. Miankina amin'izay maha-izy anareo ao *anatiny* izany, marina izany, dia ny maha-izy anareo izay mandray an'ity. Raha tsy nateraka indray ianareo, raha tsy misy zavatra iray tokoa ao anatinareo, amin'izay fotoana izay dia foana ilay izy. Ireo fitahiana rehetra, tsy misy idirako. Anankiray amboniny fotsiny ankehitriny.

> *Aoka tsy hijangajanga koa isika, tahaka ny sasany amin'izy ireo nijangajanga, ka telo arivo amby roa alina no lavo tao anatin'ny iray andro.*

133 "Mijangajanga," fijangajangana ara-panahy izany. Raha nanam-potoana isika. . .Mifarana ny sekoly Alahady. Fijangajangana ara-panahy!

> *Aoka isika tsy haka fanahy an'i Kristy, tahaka ny nakan'ny sasany tamin'izy ireo fanahy ihany koa, ka noravan'ny menarana.*
>
> *Aza mimonomonona ianareo, tahaka ny sasany tamin'izy ireo. . .nimonomonona, ka noravan'ny mpandrava.*

134 Mimonomonona, mitsiriritra, manafangaro an'izao tontolo izao amin'ny fivavahanareo, mivoaka. . .Tia fahadiovana Andriamanitra, tena madio.

135 Aninkeo maraina, dia niresaka aho. Nieritreritra aho hoe, "Inona. . ." Ankehitriny, eo am-pamaranana, dia nieritreritra an'izao aho: "Inona no mamy kokoa eo amin'ny fiainan'ny olona iray? Inona no mamy kokoa noho ny tonga any an-trano, rehefa reraka sy sasatra izy, miaraka amin'ny siny keliny eny an-tànany, avy niasa nandritry ny andro manontolo, na niasa tany, na mety ho inona izy, miditra ka manana vady maha-te-ho tia iray hitsena azy eo am-baravarana? Mipetraka eo ambonin'ny

lohaliny iray minitra, ary miborosy kely ny handriny, ka manoroka azy eo amin'ny takolaka, ary mametraka ny sandriny manodidina azy, ka manao hoe, 'Malala, izaho—fantatro fa reraka ianao, niasa mafy ianao.' Manome fampiononana azy."

136 Ahoana fa fantany fa io sandry io, izay manodidina azy, dia azy tanteraka tokoa. Azy izany. Tsy nanodidina lehilahy hafa iray mihitsy izany na faniriana hafa iray. Ilay oroka izay eo amin'ny takolany dia avy amin'ny tena fo, madio, masina izay tia azy fotsiny, ary izy irery ihany. Ahoana no anaovan'izany anareo. . . Fantatro, manao anareo hanabontsina ny tratranareo izany, manao hoe, "Oh, tsy tena reraka aho, na izany aza." Hitanareo? Izay ilay izy. Manao zavatra aminareo izany.

137 Te-hiteny zavatra aminareo aho. Fa ahoana moa raha io oroka io no napetraka teo amin'ny takolany nefa tsy manana fahatokiana izy? Mety efa teo amin'ny takolaky ny lehilahy hafa iray izany. Ahoana moa raha namihina ny olona rehetra ireo sandry manodidina azy ireo, nefa mbola maniry hanao toy izany foana? Tsy hidika betsaka loatra izany. Tsy misy betsaka mihazona ao. Nahoana?

138 Ankehitriny, tany amin'ny voalohany, dia iray izy ireo. Andriamanitra, rehefa nanao ny olona Izy, dia nanao azy ho olona roa Izy, lahy sy vavy. Nosarahany izy, tao amin'ny nofo; ary nametraka azy teto an-tany, tao amin'ny nofo, ary mbola tao amin'ny fanahy foana ilay ampahany vavy.

139 Jereo, ry sakaiza, tena nitandrina tsara Andriamanitra. Oh, ahoana fa ity. . . Aza avela hiala aminareo izany. Tsy naka vovoka eran'ny tànana mihitsy Andriamanitra ka nanao Eva iray; efa famoronana hafa iray izy. Ary tsy famoronana iray izy. Vokatra notsoahina iray izy. Ary miditra ao am-pon'i Adama Andriamanitra, io taolan-tehezana io, avy ao ambanin'ny fony mihitsy, ka maka taolan-tehezana iray ary manao vady iray. Ary ilay tena ampahan'ny fanahin'i Adama mihitsy no tao anatin'ilay vehivavy, ary izy roa ireo dia iray; aina, vatana, fanahy, iray izy ireo. Firaisana tanteraka izy ireo. Ny tena vehivavy iray. . . Ary ny tena vady lahy iray, ny tena vady vavy iray, dia iray izy ireo, miaraka.

140 Tandindona iray an'ny inona izany? Kristy, avy ao an-Tratrany! Tsy vokatra notsoahina iray, tsy Metodista iray, na Batista iray, na Pentekotista iray niforona tampoka. Tsia, tompoko. Fa avy tao amin'ny Fony Manokana, dia naka Malalan'ny fo iray izay madio sy mahatoky arak'izay maha-izy Azy Izy. Tena mahatoky tahaka ny lisy iray Izy.

141 Jereo, jereo i Solomona niteny tany aoriana tany, "Avia, ry fitiavako, ndao isika handeha ao amin'ireo ampongabendanitra. Ndao isika hivoky amin'ny fitiavantsika." Ary rehefa manokatra ny sandriny amin'ny fo madio iray ilay tena mpino, ka mihazona an'i Kristy izy, dia miditra ao an-Tratrany io fitiavana an'io

mpitia an'i Kristy io. Io No Vadiny, tahaka ny ataon'ny vady lahy amin'ny tena vady vavy iray mihitsy.

142 Tokony ho karazan'olona inona isika? Milalao an'ilay mpijangajanga ve isika, miaraka amin'i Kristy? Miankina amin'ny zavatra kely iray ve isika, ka manenjika an'izao tontolo izao sy ireo zavatr'izao tontolo izao, sy fisainana araka an'izao tontolo izao, fa tsy ilay tena fitiavana sy fanoloran-tena izay tokony ananantsika?

143 Azonareo eritreretina ve, oadray, azonareo eritreretina ve ny vadinareo, rahalahy, tonga ka mipetraka eo amin'ny lohalikareo miaraka amin'ireo haingon'akanjony kely sy ireo zipo keliny ary ireo zavatra vita amin'ny dantelina, ary ny volony kely voalamina tsara, sy mitsangana, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany? Mametraka ny sandriny manodidina anareo, manao hoe, "Oh, John, tiako fotsiny ianao, *ntss*, *ntss*, *ntss*, tiako ianao." Nefa fantatrareo eo no ho eo fa misy zavatra tsy mety ao. Tsy manana fahatokiana azy ianareo, tsy mampaninona na toa tsara tarehy toy ny ahoana aza izy ary voamboatra tsara toy ny ahoana izy. Ianareo, raha tsy manana an'izany fahatokiana azy tanteraka izany ianareo, dia misy zavatra tsy mety ao. Izany dia tsy—tsy mahafa-po an'io faniriana izay hananan'ny lehilahy iray ho an'ny vadiny io izany.

144 Ary eritrereto fotsiny ankehitriny ny tenanareo miadaladala amin'izao tontolo izao sy mifamatotra amin'izao tontolo izao, nefa mandohalika, manao hoe, "O Tompo Jesosy, tiako Ianao." Oroka mandoro iray izany, an'i Jodasy, mpihatsaravelatsihy. Marina izany. Eritrereto ireo zavatra ireo. Misy fifohazana iray ho avy ankehitriny. Hitanareo?

145 Oh, mety manao an'ilay peratra mariazy ianareo, marina izany, saingy tsy vady iray ianareo. Oh, mety ho vehivavy iray ianareo. Mety ho ilay tompon'ny trano ianareo, fa tsy vady iray ianareo raha mihetsika tahaka an'izany.

146 Ary tsy tena Kristiana iray ianareo, tsy tena vokatra iray tena izy ho an'i Kristy ianareo, raha tsy tia Azy amin'ny zavatra rehetra izay anananareo ao anatinareo ianareo.

147 Tsy ahoako na toa tsara tarehy ianareo, na tsy tsara, tia Azy ianareo ary maneho ny tenanareo. Izany dia rehefa lasa iray ianareo roa; izany dia rehefa Kristy sy Ny Fiangonany. Tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana, tsy amin'ny alàlan'ny batisa, tsy amin'ny alàlan'ny fahatsapana; tsy amin'ny alàlan'ny inona na inona afa-tsy amin'ny alàlan'ny tena fitiavana izay nividianana anareo, avy teo an-tratran'Andriamanitra, rehefa voaratra teo Izy ka nividy anareo Izy. Ary ny fitiavanareo, sy ny fahamarinanareo, ary ny fahatokianareo, no manaporofo an'izay maha-izy anareo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Na feno tasy tanteraka ianareo, na ianareo . . .

148 Tsy ahoako raha tsy nibango ny volony mihitsy ny vadiko, raha tsy nanao akanjo tsara tarehy izy, na tsy mihitsy... Eo, ho malalan'ny foko izy. Mankasitraka azy aho nohon'ny fahatokiany, ny fahadiovany. Izay maha-izy azy, izany no maha-izy azy.

149 Ary amin'ny alàlan'ny lehilahy sy vehivavy Kristiana iray, dia izany no maha-izy antsika eo imason'Andriamanitra. Ilay izy dia tsy hoe satria afaka mandeha any amin'ilay fiangonana tsara indrindra isika, na afaka miakanjo tsara indrindra, na afaka miditra ao amin'*ity* fiaraha-monina ity isika, na afaka manao an'*ity* isika, na afaka mandeha ao amin'*ity*, na isika afaka manao an'*ity*, *itsy*. Tsy misy idiran'izany amin'io. Ilay izy dia ny fahadiovan'ny fahatokiantsika sy ny fitiavantsika an'i Kristy. Ary izany no Fahaterahana. Izany ilay zavatra izay tonga.

150 "Ary na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny Anjely aza aho; dia tsinontsinona aho. Na dia mamahana ny mahantra aza aho; na dia omeko aza ny fananako; na dia manao an'*ity* aza aho, sy manao an'*itsy*, ary manao an'*itsy*; dia tsinontsinona aho." Inona no iraharahian'i Kristy an'izay rehetra azonareo atao, sy izay rehetra azonareo atao tahaka an'izany, raha tsy ao io tena fitiavana, tena izy sy fahatokiana io? Eritrereto izany, sa tsy izany?

151 Sekoly Alahady ity, ary, tsarovy, lesona iray ho anareo izany. Aoka, ao am-ponareo, aoka Kristy no hanana ny toerana voalohany, tahaka ny hataon'ilay tena vehivavy amin'ny vadiny. Tsy nisy sandry hafa afaka nikasika azy, na taiza na taiza. Tsy nisy oroka hafa, tsy mampaninona na toa manintona toy ny ahoana aza ilay izy, ary hanodina ny lohany izy. Manana fitiavana tokana izy, ary ho an'ny vadiny izany. Marina izany. Tsy mampaninona na mety ho tsara tarehy toy ny ahoana aza ilay lehilahy, ary toa mamiratra sy malama toy ny ahoana ny volony, ary ahoana no ahafahany hihazona ny tenany ho marina. Tsia, tompoko. Tsy misy zavatra anankiray. Tiany io vady io, ary izy irery ihany no tiany. Afoiny ny fahadiovany rehetra sy ny orokany rehetra, ireo fitiavany rehetra sy ny zavatra rehetra dia ho an'ny vadiny, ary izy irery ihany. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

152 Ary afoinareo ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao, tsy mampaninona na toa tsara toy ny ahoana aza ilay izy, toa tsara tarehy toy ny ahoana aza ilay izy, ary toa mamiratra toy ny ahoana ilay izy. Ny fahadiovanareo no isaina ho anareo.

153 Avy eo dia hoy ianareo hoe, "Oh, haleloia! Izaho—fantatro fa manana azy aho, satria nanao an'*ity* aho. Haleloia!" nefa fahatezerana betsaka hiadiana amin'ny tsofa mihodina iray.

Mamelà ahy hiteny aminareo, rahalahy, mila fahadiovana izay hajain'i Kristy izany.

154 "Na dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aza aho; na dia mamoaka rà avy amin'ny tànana roa aza aho; na dia mihiakiaka sy mandihy aza aho, ao amin'ny Fanahy; na dia mihinana ny Tenin'Andriamanitra aza aho, ka tia an'Izany; na dia misotro avy amin'ilay Vatolampy ara-panahy iray ihany izay isotroan'ny sisa amin'izy ireo aza aho; na dia mitehaka ny tànako aza aho, mafy tahaka ny sisa mihitsy." [Mitehaka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] "Na dia afaka mitomany amin'ny ranomasom-boay aza aho; na dia afaka manao an'*ity* rehetra ity aza aho! Fa raha io tena, tena izy, tena fahadiovana Kristiana ho an'i Kristy io no tsy ao, dia lasa varahina maneno sy kipantsona mikorintsana iray ianareo." Nampitandrina ny fiangonany ny amin'izany i Paoly, ilay fiangonana Korintiana, fa, nifangaro tao amin'ireo karazana famoromporonana rehetra izy.

155 Mampitandrina anareo aho, ry sakaiza. Tsarovy, tsy maintsy hamaly ho anareo aho any amin'ny Andron'ny Fitsarana, ka tsy ho eo amiko ny rànareo. Tsy mampaninona na mahatoky toy ny ahoana aza ianareo amin'ny zavatra hafa, aoka hahatoky amin'i Kristy. Tsarovy izany, raha mivavaka isika.

156 Ray any An-danitra finaritra, ao amin'ity toerana ankehitriny ity, dia tonga izahay ankehitriny ka miaiky ny fahadisoanay rehetra. Oh, mamindrà fo Ianao, Andriamanitra mpamindra fo. Ary mivavaka izahay mba Hijerenao ambany ao amin'ny fonay. Ary ao amin'ity ora ity raha miandry izahay, miaraka amin'ny lohanay miondrika mankany amin'ny vovoka, dia mijere ao am-pon'ilay lehilahy antitra, ao am-pon'ireo vehivavy azon-taona, ao am-pon'ilay taona antenantenany, ary ilay tanora, na dia ireo ankizy kely aza. Ary enga anie izahay handinika ny tenanay.

157 Hiditra ao amin'io herinandro masina izay ankalazainay ho Zoma Masina sy Paska io izahay, ny fitsanganana. Na dia mety nahatoky tamin'ny fiangonana aza izahay tamin'ity taona ity, na dia mety nandray ny fandraisana aza izahay, na dia mety efa nihiakiaka aza izahay, mety efa nanao zavatra maro izahay, saingy, O Andriamanitra, mijere ambany ato am-poko. Miresaka ho an'ny tenako aho. Mijere ato am-poko sy ao am-pon'ity vahoaka eto ity izao maraina izao, ka diniho izahay, Tompo. Raha misy zavatra izay maka ny toeran'i Kristy, O Andriamanitra, dia esory izany. Raha hakamoana izany, tsy fahampiana fotsiny, raha mety ho inona ilay izy, tsy fantatro. Fa, Andriamanitra, esory aminay izany. Oh, tsy te-ho lavina eto mihitsy izahay ao amin'ilay fotoan'ny ady, nolavin'Andriamanitra ka ho lasa Fahavalony.

158 O Andriamanitra, mijere ao am-ponay. Diniho amin'ny alàlan'Ny Fanahinao Masina izahay, ka avelao izahay hahita, izao maraina izao, raha misy zavatra ratsy ao anatinay. Raha misy, dia esory izany, Ray. Mametraka an'izany eo amin'ny

alitara izahay ankehitriny, handeha ary hamela an'izany eo. Raha fahalainana izany, raha hatezerana izany, raha tsy firaikana izany, raha tsy fitandremana izany, raha mety ho inona na inona izany, raha fankahalana izany, raha lolompo izany, raha fifandirana izany, raha mety ho inona na inona izany, O Andriamanitra, dia esory aminay izany, androany.

159 Ary amin'io fifohazana ho avy io, dia enga anie izahay ho tena feno ny Fisarihanao mihitsy, Tompo, hany ka maro no ho tonga ary ho voavonjy, ilay fiaraha-monina kely eto, izay niezahanay mafy. Ny fifohazana voalohany ankehitriny tao anatin'ny folo taona, izay nataoko. Ankehitriny, mivavaka aho mba Hanomezanao anay an'io tena, tena fanahy ao am-ponay io.

160 Ary enga anie izany hifikitra eo mandritry ny Mandrakizay. Ekeo izany, Tompo. Ataovy mandinika ny tenanay izahay, izahay olona manambady, amin'ny fomba itondranay ny vadinay, mahatoky toy ny ahoana izahay, na mahatoky aminay toy ny ahoana ny vadinay. Ary enga anie izahay hahazo fotsiny ao am-ponay, izao maraina izao, hoe ahoana no hiheveranay raha nisy zavatra tahaka an'izany nitranga tao an-tokatranonay. Ary avy eo dia enga anie izahay hamadika ny fitiavanay mankany Aminao, ka hanao hoe, "O Andriamanitra, mamindrà fo amiko."

161 Oh, raha—raha ilay vady vavy no, saiky indray mandeha isam-bolana fotsiny, no mandalo fotsiny ka mametraka ny tànany eo amin'ny anareo, ary manao hoe, "Malala, tiako ianao," ary lasa, oh, ahoana fa ho toy ny manao tsinontsinona ahy izany, ahoana fa ho toy ny misy zavatra tsy nety tao. Ary Andriamanitra, rehefa angamba indray mandeha isam-bolana, na indray mandeha rehefa mandeha any am-piangonana izahay, dia manolotra vavaka kely iray! Oh, Tianao ny fitiavanay, ny—ny—ny fiombonanay, isan'andro, sy ireo fisainanay ary ireo eritreritry ny fonay dia hifantoka eo Aminao. Ekeo izany, Tompo.

162 Oh, tehirizo ho tena tafapetraka eo Aminao ny fonay, mba ho lasa jamba sy tena tsy miraika amin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Ekeo izany, Tompo. Henoy izahay ankehitriny, ary tahio izahay ao amin'ny ampahany manaraka an'ireto fivoriana ireto. Mangataka amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

163 Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo, tena tsara. Ary izaho. . . Miala tsiny fa naka minitra vitsy amboniny aho teo taorian'ny niravan'ny sekoly Alahady. Ary mivavaka aho mba hitahian'Andriamanitra anareo. Tsy izaho no nilaza an'ireo zavatra ireo; avy amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Ohatra ho antsika izy ireo. Ohatra izy ireo.

164 Ary ankehitriny, jereo, ry sakaiza, ahoana no ho tsapanareo raha fantatrareo fa ilay vady izay nanoroka anareo dia mpamadika iray? Eritrereto izany. Diniho vetivety izany. Inona no heverinareo?

165 Ankehitriny rehefa manatona an'Andriamanitra ianareo, ary mpamadika iray, dia aza manao an'izany. Aoka isika ho tena misy. Tsy mila mandray fahatsapana iray ianareo. Tsy mila maka zavatra hafa ianareo, nefa ny lanitra manontolo dia feno an'ilay tena fitiavan'Andriamanitra tena izy. Nahoana no haka mpisolo iray nefa afaka mahazo an'ilay tena izy isika? Ho anareo izany. Ankehitriny enga anie ny Tompo hitahy anareo, raha mamerina ny fotoana amin'ny pasiterantsika aho.

166 Ary aza adino amin'ity herinandro ity, ankehitriny, ilay fifohazana kely dia ho an'ny fiaraha-monina sy ireo tanàna kely manodidina eto. Raiso ny telefonanareo, miantsoa olona iray, teneno izy ireo mba ho tonga. Hanana antso eny amin'ny alitara isika, ary manantena fotoana tsara iray, amin'ity herinandro ity, ao amin'ny Tompo.

167 Ny Tompo hitahy anareo mandra-pahitako anareo amin'io Alarobia hariva manaraka ho avy io.

57-0414 Korintiana, Bokin'Ny Fanitsiana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org